REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

**MINISTERAN'NY NY FIOMPIANA**

**SEKRETARIA JENERALY**

**Foibem-pitondrana Ankapobe ny Fiompiana**

**Foibem-pitondrana mikasika ny Harena momba ny Biby**

# TOROLALANA ANKAPOBENY

## NY FIOMPIANA OSY SY ONDRY

**" Famokarana ara-piompiana mahomby, Loharanon'ny Fampandrosoana "**


*Direction des Ressources Animales*
*BP 291 – Tél. 22 400-11*
*Ampandrianomby – Antananarivo (101)*

# I.- KARAZANA

## Ondry gasy

- Madinidini-batana, manana hofany matavy. Milanja tokony ho 40kg ny lahy, ary 30kg ny vavy.
- Lokony : mena sada, mena mainty, sada mainty.
- Mazàna miteraka kambana.

## Osy gasy

- Kelikely vatana. Milanja 35 - 40kg ny lahy ary 25kg ny vavy.
- Lokony : mainty, mena, sada, fotsy.
- Mazàna miteraka kambana koa rehefa miteraka ny vaviny.

## Osy Angora

- Osy nafarana avy any Afrika Atsimo sy USA, ary nampidirina teto Madagasikara hanatsarana ny taranaky ny osy gasy.
- Kely vatana, manana sofina lava mikopaka..
- Rakotra volo fotsy botsiaka mangirana somary miolakolana ny vatany.

## Osy safiotra : osy gasy x osy Angora

| ½ sang | ¾ de sang | 7/8 de sang |
|---|---|---|
| Volo fohy mena na volombatolalaka | Volo lavalava kokoa manopy fotsy | Volo fotsy miola-kolana azo hetezana |

***Marihina fa any amin'ny faritra maina sy mafana no tena mahomby ny fiompiana osy sy ondry.***

# II.- FITONDRANA NY FIOMPIANA

Ny fiompiana fehezina (élevage intensif), no tena ahazoana vokatra tsara sy mahafa-po.

## 21.- Toeram-piompiana

### 211.- Toerana asiana ny tranom-biby

Kendrena mba ho toerana azon'ny masoandro tsara, maina, ary tsy talaky rivotra no iompiana ny biby.

### 212.- Tranony

Tsotra ary azo amboarina amin'ny akora misy eto an-toerana ny trano iompiana.

- Rindrina : biriky tany na tanimanga ...
- Tafo : bozaka na taila ...
- Rairain-drihina : hazo (asiana lafika maina matevitevina soloina matetitetika).
- Fanambany : vita simenitra na tany nodamaina
- Refin'ny trano : 3m2 / biby lehibe iray.

## 22.- Fitaovam-piompiana

### 221.- Fitaovana ilaina amin'ny fiompiana

- Fitaovana ilaina amin'ny fanadiovana toy ny kifafa, fitaoman-drano (siny na "seau "), zinga, borosy, borety.
- Fitaovana ilaina amin'ny fikarakarana ny sakafon'ny biby : antsim-bilona, sobika, gony..).

### 222.- Fitaovana ilaina amin'ny fanomezana sakafo

- Fihinanam-bilona mifanatrika vita amin'ny hazo apetraka eo afovoan'ny trano manaraka ny lavany.
- Fihinanan-tsakafo : 2 metatra ho an'ny biby 10 ka hatramin'ny 12 isa.
- Fisotroan-drano.

## 23.- Sakafo

### 231.- Sokajiny

- Sakafo mitondra hery : katsaka, apombo malemy ....
- Sakafo mitondra proteina : faikam-boanjo, ampombo malemy ....
- Sakafo mitondra mineraly : vovo-taolana, sira, sokay, "sulfate de magnésie", kalsiôma, fôsifôro, ....
- Foto-tsakafo : vilona (vilona maitso, raketa, otri-bilona ...) satria biby mandinika ny osy sy ondry.
- Rano.

## 26.- Fitantanana

### 261.- Fitantanana ara-teknika

Tokony raisina an-tsoratra avokoa ny zava-mitranga rehetra mandritry ny fiompiana.

### Ho an'ny biby rehetra

- Volana sy taona nahaterahana.
- Ray sy reniny.
- Fotoana nanaovana vakisiny (kara-bakisiny).
- Fotoana nampandroana azy
- Fotoana sy karazam-pitsaboana natao taminy ....

### Ho an'ny lahy manokana

- Taona nampanarahana azy voalohany.
- Taona nitsaharany tamin'ny fanarahana.
- Fotoana nanombohana sy nitsaharan'ny fanatavezana.

### Ho an'ny vavy manokana

- Volana sy taonan'ny fampanarahana voalohany.
- Volana sy taona niterahana voalohany

## 24.- Fomba fitaizana

| Taona | Fomba fitaizana |
|---|---|
| 0 – 3 volana | Minono – Alefa miandalana ny fisaraha-nono |
| 4 volana – 1 taona | Sarahina toerana ny lahy sy ny vavy |
| Mihoatra ny 1 taona | - Lanjan'ny biby 1 taona : lahy : 40 kg – vavy : 30 kg.<br>- Fampanarahana : Lahy 1, ho an'ny vavy 15.<br>- Faharetan'ny vohoka : 5 volana (ao anatin'ny fahatoniana).<br>- Elanelan'ny vohoka : 9 volana eo ho eo.<br>-Taona hitsaharan'ny fampanara-hana : Lahy : 4 – 5 taona<br>Vavy : 7 taona. |

## 25.- Fikajiana ny fahasalaman'ny biby

| MIKASIKA NY : | FEPETRA RAISINA |
|---|---|
| Fitandremam-pahasalamana | Fanajana ny fahadiovana : trano itoeran'ny biby, fitaovana fanomezan-tsakafo, rano fisotro ... |
| Fiarovana | - Fanalana kankana : isan-droa volana<br>- Katsetsitra ivelany : Fampandroana isan-droa volana.<br>- Vakisiny miaro amin'ny "charbon" : feno 6 volana – Averina isan-taona. |
| Fitsaboana | Manatona ny Tompon'andraikitry ny Fiompiana akaiky anao indrindra. |

- Isan'ny zanany (lahy na vavy).
- Volana sy taonan'ny fampanarahana faharoa, dia toy izany hatrany.

## 232.- Filana ara-tsakafo

- Karazana prôvandy iray azo omena ny reniny mampinono, sy ny lahiny ary ny zanany :

| Akora | Fatra (kg) |
|---|---|
| Katsaka | 50 |
| Apombo malemy | 25 |
| Faikam-boanjo | 21 |
| Mélange minéral | 04 |

## Fatra-tsakafo :

| Sokajim-biby | Fatra-tsakafo isan'andro (kg) | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | Ahitra maitso | Otri-bilona | Raketa | Pro-vandy | Rano |
| Reniny mampinono zanaka iray | 3 - 5 | 2-4 | 6 | 0,5-1 | Izay |
| Reniny mampinono zanaka roa | 3-5 | 2-4 | 6 | 1-1,5 | |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Vavy bevohoka | 3-5 | 2-4 | 6 | 0,5 | l a n i n y |
| Lahy | 3-5 | 2-4 | 6 | 0,5 | |
| Lehibe hatavezina | 3-5 | 2-4 | 6 | 0,5-1 | |
| Vatony andalam-pitom-boana | 3-4 | 2-3 | 3-5 | 0,25-0,30 | |

**Zanany :** Nonon-dreniny miampy ahitra malemy tsikelikely.

✸ Fomba anaovana ny “ Melange minéral ” :

Vovo-taolana ..................................... 40-kg
Sira .................................................... 30-kg
Sokay ……………. ........................... 20-kg
“Sulfate de magnésie” ......................... 10-kg
Kalsiôma ………................................220-g/kg
Fôsifôro ………… ............................. 65-g/kg